Fankalazana an’i Antoine Chevrier, pretra olon-tsambatra

Tononkira fidirana

« Ato amiko ny Fanahin’ny Tompo, fa nanosotra Ahy hitory ny Vaovao Mahafaly amin’ny malahelo Izy Tompo sy naniraka Ahy hankahery ny torotoro fo. » (Lioka 4,18)

Na hoe : « Na dia mpanankarena aza Jesoa Kristy, dia tonga mahantra noho ny aminareo, mba hampanan-karena anareo amin’ny fahantrany. » (2 Kor 8,9)

Vavaka fangatahana

Tompo ô, mba hanambarana ny Vaovao Mahafaly amin’ny mahantra, Ianao dia niantso an’i Antoine Chevrier, ilay olon-tsambatra, mba ho tonga mpianatry ny Zanakao. Avelao hanaraka an’i Kristy mahantra sy voahombo tahaka Azy izahay, mba hahafahanay manome voninahitra anao koa.

Amin’ny alalan’i Jesoa Kristy Zanakao Tomponay izay Andriamanitra velona sy manjaka miaraka aminao ao amin’ny Fanahy Masina amin’ny taona rehetra mandrakizay. Amen.

Vakiteny voalohany : Bokin’i Sôfônia Mpaminany (Sôf. 2,3-3,11-13)

(Raha te-hanao vakiteny telo)

« Mitadiava ny Tompo, ianareo manetry tena rehetra amin’ny tany, izay efa nanaraka ny lalàny ; katsaho ny fahamarinana, katsaho ny fanetrentena. Ho tafaaloka angamba ianareo amin’ny andron’ny fahatezeran’ny Tompo ! Amin’izany andro izany, tsy ho henatra ho anao intsony ny asanao rehetra izay nanotanao tamiko ; satria amin’izany hoesoriko hiala eo aminao ireo izay nifaly tamin-pireharehana ; ary ianao tsy hiavonavona intsony eo antendrombohitro masina. Havelako eo aminao ny vahoaka ambany sy manetry tena anankiray izay hatoky ny Anaran’ny Tompo. Ny sisa amin’i Israely dia tsy hanao ny tsy marina, na hilaza lainga, ary tsy hahitana eo am-bavany intsony izay lela mandainga. Fa hihinana sy handry fahizay izy ireo, ary tsy hisy olona hanaitaitra azy.

Salamo 39 (40), 10.11.12.17

(Aorianan'ny vakitenin'ny Masindahy Paoly ny salamo raha tsy mandray ny bokin'ny Sofonia)

Efa nilaza teny mahafaly ny amin'ny fahamarinana
Teo amin'ny fiangonana lehibe Aho;
Indro, ny molotro tsy mba nakomboko,
Tompo ô, Ianao no mahalala.

Ny fahamarinanao tsy mba nafeniko tato am-poko;
Ny fahamarinanao sy ny famonjenao no nambarako;
Tsy nanafina ny famindramponao sy ny fahamarinanao
Tamin'ny fiangonana lehibe Aho

Ianao, Tompo ô,
Aza miaro ny antranao tsy ho amiko;
Aoka ny famindramponao
Sy ny fahamarinanao hiaro ahy mandrakariva

Aoka izay rehetra tia ny famonjenao hanao mandrakariva hoe
Hankalazaina anie ny Tompo
Fa na dia ory sy malahelo aza aho ny Tompo no mihevitra ahy;
Mpamonjy sy Mpanafaka ahy Ianao; aza ela, Tompo ô.

Vakiteny Masina Faharoa :

"Ny tsara izay mihoatra ny zavatra rehetra dia ny fahalalana an'i Kristy Jesoa" (Md. Paoly)

"Mahalala an'i Jesoa Kristy no hany siansa marina.

Mitia azy no hasambarana lalina indrindra. Manompo Azy, manahaka Azy no tena fanaperana. Arakaraka ny ahafantarantsika an'i Jesoa Kristy, ny hatsarany, ny famirapiratany, ny hareny, dia vao mainka mitombo ny fitiavantsika azy, vao mainka mitady izay hahafaly Azy isika, ary vao mainka manilika any ivelantsika izay rehetra tsy mety aminy." (Antoine Chevrier)

Taratasin'i Md Paoly Apôstôly ho an'ny Kristianina tany Filipy (3,8-14)

Ry kristianina havana : ataoko fatiantoka tokoa ny zavatra rehetra raha oharina amin'ny fahambonian'ny fahalalana an'i Kristy Jesoa Tompoko ; fa ny fitiavako Azy no namoizako ny zavatra rehetra, ary mba hahazoako an'i Kristy, dia ataoko fakofako foana ny zavatra rehetra, mba ho hita ao aminy aho, tsy amin'ny fahamarinan'ny tenako, na ilay avy amin'ny lalàna, fa amin'ilay avy amin'ny finoana an'i Kristy dia ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra noho ny finoana ; mba hahalala Azy aho, dia Izy sy ny herin'ny fitsanganany ho velona, ary ny fiombonana amin'ny fijaliany, ka ho tonga toa Azy amin'ny fahafatesany, sy hahatratra ny fitsanganan-ko velona, raha azoko atao. Tsy dia

hoe efa nahatratra sahady aho tsy akory, na hoe efa lavorary ; fa miezaka aho mba hahatratra izay nahatratraran'i Kristy Jesoa ahy. Eny, ry kristianina havana, tsy manao ahy ho efa nahatratra aho, fa zavatra iray ihany no ataoko, dia ny manadino izay eo aoriako, sy miezaka ho amin'izay eo alohako, mihazakazaka hanatratra ny marika aho, mba hahazoako ny loka izay iantsoan'Andriamanitra ahy eny ambony eny, ao amin'i Kristy Jesoa.

Aleloia, Aleloia

« Ato amiko ny Fanahin'ny Tompo, satria nanosotra Ahy hanambara ny Vaovao Mahafaly tamin'ny mahantra Izy. » (Lioka 4,18)

Aleloia

Evanjely Masina nosoratan'i Masindahy Matio (11,25-30)

Tamin'izany andro izany, i Jesoa niteny nanao hoe : "Misaotra Anao Aho Raiko, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa nanafina ny hevitrao tamin'ny hendry sy be saina Ianao, ary nanambara azy tamin'ny tso-po kosa. Eny, misaotra Anao Aho, Raiko, fa izany no sitra-ponao. Efa nomen'ny Raiko Ahy ny zavatra rehetra, ary tsy misy mahalala ny Zanaka afa-tsy ny Ray ; ary tsy misy mahalala ny Ray afa-tsy ny Zanaka sy izay tian'ny Zanaka hanehoana Azy. Mankanesa atý amiko ianareo rehetra izay mitondra fahoriana sy vesaram-pijaliana, fa hanamaivana anareo Aho. Ento ny jiogako, ary mianara amiko, fa malemy fanahy sy manetry tena ao ampo Aho, dia hahita fiadanana ho an'ny fanahinareo ianareo; fa mora entina ny jiogako, ary maivana ny didiko.

Vavaka fanolorana

Tompo ô ! amin'ny Sorona Masina izay atolotray Anao, dia areheto ato aminay ny afon'ny Fanahy izay nanosika an'i Antoine Chevrier, ilay olon-tsambatra, hifikitra amin'i Kristy sy hanolo-tena manontolo mba ho famonjena ny olona amin'ny alalan'i Kristy Tomponay. Amen.

Prefasy

Mendrika sy rariny tokoa ny manome voninahitra anao, ny manolotra anao ny fankasitrahanay lalandava, hatraiza hatraiza, ry Ray Masina, Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra sy mandrakizay.

Satria mankalaza ny fonenana any an-danitra izahay anio, dia ilay Jerosalema any ambony Reninay ; any no ivorian'ireo anabavinay sy rahalahinay olomasina tsy mitsahatra midera anao.

Ary izahay mizotra mankany, amin'ny lalan'ny finoana, dia mailam-pendeha, faly mahafantatra ao anatin'ny mazava ireo Zanaky ny fiangonany izay nomenao ho ohatra ho anay.

Izany no iarahanay amin'ny mponin'ny lanitra tontolo, ireo olomasina sy ny anjely mihira sy midera anao lalandava manao hoe : Masina…

Tononkira Kômonio

« Ny Zanak'olona tonga mba hanompo ary hahafoy ny ainy ho fanavotana ny besinimaro. » (Cf. Marka 10,45)

Na hoe :

« Nomeko fianarana ianareo mba hanaovanareo toy ny nataoko taminareo. Sambatra ianareo raha manao izany. » (Joany 13,15.17)

Vavaka aorian'ny kômonio

Tompo ô, tianao fa ny mahantra no ho olona asaina voalohany ao amin'ny fanasan'ny fanjakanao izay nahavoky anay koa.

Ataovy mahay manatona azireo tahaka an'ilay Antoine Chevrier olon-tsambatra izahay hampiseho amin'izireo ny harenan'ny Evanjelinao,

Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay.

Amen.

O ry Teny, ô ry Kristy!

O ry Teny, ô ry Kristy!

Mahafinaritra tokoa Ianao, ary lehibe indrindra!

Iza re no afaka mahalala Anao ê! Iza no hahazo ny momba Anao?

Kristy ô, ampahalalao Anao aho, ary ataovy tia Anao!

Ianao manko no fahazavana, dia mba andefaso izany tsirim-pahazavana maha-Andriamanitra izany ny fanahiko, mba hahitako Anao sy handraisako Anao.

Omeo finoana be Anao aho, mba hahatonga ny Teninao ho fahazavana hanilo ahy ka hahatongavako any Aminao, dia hanarahako Anao eny amin’ny lalan’ny fahamarinana sy ny rariny rehetra.

O ry Kristy ô, O ry Teny!

Ianao no Tompoko sy Mpampianatra tokako.

Mitenena fa mihaino Anao aho ary vonona hanatanteraka ny Teninao amin’ny asako. Tiako ho heno ny Teninao satria fantatro fa avy any an-danitra no iaviany. Tiako henoina, hodinihina, hotanterahina satria ao no misy ny Aina, ny hafaliana, ny fiadanana ary ny hasambarana.

Mitenena Tompo ô! Tompoko sy Mpampianatro Ianao, ary tsy te hihaino olon-kafa afa-tsy anao aho.